RMDM SY FANAOVAM-BAKSINY

# Andraso andraso ny an'ny fitondrana, ny covid19

Manoloana ny toe-draharaha eto amin'ny firenena amin'izao fotoana, indrindra ny ady amin'ny fahavalo tsy hita maso dia ny valanaretina coronavirus, misy ny fanambarana avy amin'ny vondron'ny mpanohitra RMDM, izay tarihan'ny filohany Marc Ravalomanana.

« Ny Lalàmpanorenan'ny Repoblikan'i Madagasikara dia manambara ao amin'ny andininy faha 8 fa « Arovan'ny Lalàna ny zon'ny olona rehetra hiaina. Tsy azo atao ny manala ain'olona amin'ny fomba tsy rariny », ary ny andininy faha 19 dia milaza fa « Mankatò sy mandamina ny zon'ny tsirairay amin'ny fiarovana ny fahasalamana … ny Fanjakana ». Noho izany, adidin'ny Fanjakana ny miantoka ny fahasalamam-bahoaka sy miaro ny ain'ny olom-pireneny.

Hiadiana COVID-19, dia ny vaksiny no hany fomba mahomby sy azo ampiasaina ary eken'ny sehatra iraisam-pirenena. Efa navoaka ny valin'ny fanadihadiana siantifika maneho ny fahombiazan'ireo vaksininy misy ankehitriny. Maro ny firenena mifandrombaka hahazo ireo vaksiny ireo, hahafahan'izy ireo manao programa fanaovam-baksiny faobe hahatongavana amin'ny fiarovana ho an'ny rehetra.

Ny Fikambanana Iraisam-pirenena Momba ny Fahasalamana (OMS), GAVI, ary CEPI - na The Coalition for Epidemic Preparedness Innovations - dia nametraka ny tetikasa COVAX hanampiana ireo firenena andalam-pandrosoana samy hahazo vakisiny. Firenena afrikanina maromaro no efa nanomboka ny programa fanaovam-bakisininy hiadiana amin" ny COVID-19 amin'ny alalan'io tetikasa COVAX io.

Na dia eo aza ny firongatry ny aretina tato anatin'ny herinandro vitsivitsy sy ny fahafatesan'olona maromaro isan'andro, ny fanjakana dia toa niandriandry nohon'ny antony tsy hita hazavaina momba ny fanapahankevitra hanafatra vakisiny ary hanomboka ny fanaovam-bakisiny. Ny filohan'ny Repoblika aza dia nanambara fa ny fanjakana dia ao anatin'ny dingana fandinihana ary mamporisika ny fampiasana CVO, izay tsy mbola voaporofo ara-tsiansa ny fahombiazany. Na izany aza, nohon'ny tsindry avy amin'ny olona sy fikambanana isan-karazany, anisan'izany ny mpanohitra, dia nanaiky ny fanaovam-bakisiny ny governemanta, saingy niantso ny vondrom-piarahamonina siantifika izy "handinika izay karazana vakisiny mety hahomby hiadiana amin' ny Variant Sud-Africain".

Tetsy andanin'izany, ny governemanta, tamin'ny alàlan'ny Minisitry ny Fahasalamana, dia nandefa taratasy tany amin'ny Chief Executive Officer ny GAVI nangataka azy hampiditra an'i Madagasikara ao amin'ny fandaharanasa COVAX. Hita taratra amin'ny serasera isan-karazany ataon'ny governemanta ny andraso-andraso mikasika ny fanaovam-bakisiny sy ny tsy fisian'ny fanapahan-kevitra hentitra ary ny hetsika haingana hanavotana ny vahoaka amin'ity valanaretina COVID-19 ity.

Izany andraso-andraso izany, izay mitovy amin'ny « fandavana an-kolaka », dia azo antoka fa tsy mahasoa ny Vahoaka Malagasy izay mbola mijaly nohon'ny fitavozavozan'ny mpitondra.

Nohoizany, manao antso avo amin'ny governemanta izahay hiroso haingana amin'ny fampiharana ireodingana samihafa takiana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fandaharanasa COVAX, hahafahan'ny firenena misitraka ny fahazoana vakisiny andiany voalohany arak'izay haingana indrindra. Takianay ihany koa ny mangarahara amin'ny fandrafetana ny Tetikasa Nasionaly mikasika ny Fanaovam-bakisiny sy ny fampiasana ireo vakisiny hiadiana amin'ny COVID-19.

***Nangonin'Isambilo***

Nicolas Dupuis

# Tara 2 taona ny fomba fijeriny

Mikatona ho an'ny Barean'i Madagasikara ny lalana mankany Cameroun, hanantanterahana ny CAN 2022, satria tsy naharesy ny mpilalao avy any Niger tao amin'ny Kianjan'i Barikadimy Toamasina tamin'ny Talata 30 Martsa 2021 teo. Nanome lalana ho antsika Malagasy ry zareo Ivoriana, satria dia nilalao tamin'ny fony tsy nisy tsikombakomba tamin'ny Ethiopiana, nandresy tamin'ny isa 3 no ho 1 ry zareo Ivoariana, na resy aza ny Ethiopiana dia tafakatra ihany satria tsy nahavaky atody ny Barea tany Toamasina.

Ny lalao roa farany nataon'ny Barea dia samy nahazoana vokatra ratsy avokoa , satria resy 4 sy donga tany Ethiopia ary nanao sahala teto an-tanindrazana, tsy tongatonga ho azy izany faha- voazana izany fa misy ny antony lehibe.

**Can 2019**

Tamin'ny Can 2019 tany Ejipta dia faly ery isika Malagasy fa nahazo fahombiazana, ka ny nampalahelo dia ny mpitondra sy ny mpanazatra no nomena ny dera sy ny voninahitra, kanefa ireo mpi- lalao no tena niady mafy teny ambony kianja. Aoka tsy hohadinoina fa tamin'ny fotoana nitondran'ny Filoha Rajaonarimampianina no nahatafa- katra antsika hiatrika ny Can 2019, kanefa dia zary tsy noresahina izany, fa ny " Merci Prezidà" nanindrahindrana an-dRajoelina no nahoraka, maro ny ezaka nataon'ny fitondrana notarihan'ny Filoha Rajaonarimampianina nahitana ny Minisitra Andriamosarisoa Jen Anicet, izay nanao ny ainy tsy ho zavatra, sy ry Ramatoa Attalah Beatrice ary indrindra ny filohan'ny FMF voafidy aradalàna Rabekoto Arizaka Raoul. Mikasika an'Ingahy mpanazatra indray dia nanambitana izy satria ireo mpilalao nanatevindaharana ny Barea dia mpilalao efa tsara hofana tany amin'ny Klioba izay nisy azy avy, ny tena marina izany dia tsy i Nicolas Dupuis no nampahay baolina an'ireo mpilalao isanisany, fa ny mpanazatra azy tany amin'ny kliobany. Ny hany nataon'Ingahy Dupuis dia ny nifantina sy nampiaraka azy ireo teny ambony kianja, izany hoe mpilalao efa samy mahay sy zatra ady no nampiakarina kianja , tsy mahagaga raha nahitana fa- hombiazana tamin'ny Can 2019.

Roa taona aty aoriana efa miha-antitra ireo mpilalao ary tsy ny heriny na ny fahaizany tamin'ny 2019 no mbola antenaina aty amin' ny 2021, saingy Ingahy Dupuis no tara roa taona ny fijeriny , izy rahateo tsy nahavita nanomana ireo mpandimby na dia efa nokaramaina volabe aza, dia ireny niarahanahita ireny ny vokany.

**Tokony hitsara tena i Dupuis**

Volabe tsy toko tsy forohina no lany nanaramana an'i Nicolas Dupuis, tsy vitan'izany fa mbola volabe koa no nanafarana ireo mpilalao zokiny tsy nahitam-bokatra intsony ireo , izay azo lazaina hoe mpilalao efa lany daty, sanatria tsy fanarabiana azy ireo no ataontsika fa raha ny tokony ho izy, dia men- drika omena ny fankasitrahana sahaza azy ireo mpilalao zokiny ireo, satria tsy fahadisoana ako-ry ny fahanterana, saingy ny mpanazatra mihitsy no fositra tsy nahay ny asa-ny, sady tsy nahavita nanofana ireo tanora mpan- dimby.

Tokony ho nanome vokatra nahafapo i Nicolas Dupuis, satria nosandaina volabe ny asany, ny vokatra anefa dia aotra noho izany , sarotra sy manahirana ny hitaky famerimbola any aminy, fa raha mahatsapa tena izy dia tokony ho sahy hametra-pialana toy ireo mpanazatra tojo faharesena any ivelany any, kanefa raha ny vaovao mivoaka dia efa miomana ny fandraisana anjara amin'ny fiadiana ny tompondaka erantany amin'ny volana Jona indray ity vazaha tsy mamokatra intsony ity.

Fantatr'ity menasofina ity tsara fa tsy manana fahasahiana hanolo azy ny mpitondra, dia lalaoviny amin'izay tiany anaovana azy.

Vao avy nanamarika ny 29 Martsa isika, izay fahatsiarovana ireo namoy ny ainy tamin' ny fanoherana ny vazaha ,74 taona aty aorian'ny 1947, mbola tsy sahy mandray andraikitra mampody izay vazaha tsy mahomby ny mpitondra eto amintsika, nohindrahindraina fatratra ny anaran'ny Filoha Ratsiraka izay nalevina ny 29 Martsa 2021, izay marihina fa ity Filoha vao nalevina ity dia tsy mikosomaso tamin'izay vazaha tsy nahay ny asany teto Madagasikara ary sahy nandray fepetra avy hatrany nampody izay nambotry antsika Malagasy.

Miakatra isan'andro ny isan'ireo tratran'ny koronaviriosy sy matin'io aretin-dratsy io, kanefa tsy araka ny tokony ho izy ny fikarakarana ny marary , tsy ampy ny entimanana kanefa volabe no lany tamin'ny baolina kitra, karamaina volabe efa mahavidy oksizena litara maromaro Ingahy Dupuis, ny vokany mitombo ny isan' ny maty, kanefa ny Barea tsy tafakatra akory.

Mila misafidy ny mpitondra : ka hanavotra ny ain'ny vahoaka malagasy ve sa mbola hikiribiby handany vola amin'ny mpanazatra mambotry ny Malagasy? tokony hatsahatra koa ny fandaniana amin'ny fananganana kianja izay tsy mahamaika noho ny fitsinjovana ny ain'ny vahoaka Malagasy, satria vola tsy toko tsy forohina no laniana amin'ireny kianja ireny, kanefa dia izay sisa tsy matin'ny aretina sisa no hisitraka ireny fotodrafitrasa natsangana tsy tamim-piheverana ireny.

***Ny Valosoa***

Na eo aza ny covid19

# Misy foana ny Herinandro Masina

Tsy mitsaha-mitombo ireo mararin'ny aretina coronavirus eto Madagasikara ankehitriny. Manginy fotsiny ireo namoy ny ainy. Sahirana ny fitondram-panjakana ary namory ireo filohampiangonana teny Ambohitsorohitra. Nanamafy anefa Mgr Ranarivelo Samoela Jaona, fa ilaina ny fanarahana ny fepetra noho ny hamehana ara-pahasalamana, saingy tsy foana kosa ny Herinandro Masina, fa mitohy hatrany. Ho an'ny Fjkm dia misy ny Herinandro Masina ny zoma ho avy izao ary ny eo anivon'ny depertemantan' ny fiangonana no mitarika izany. Manamafy hatrany ny Fjkm, fa ilaina foana ny fanajana ireo fepetra, ary mila mivavaka ny malagasy satria ny vavaka no manova zavatra.

***Rajo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Barea tsy lasa any Cameroun

# Fidiran'ny politika no anisan'ny olana

Iaraha-mahalala ny anaran'i Nicolas Dupuis, mpanazatra ny Barea ekipa nasionalintsika eo amin'ny baolina kitra, efa nandritra ny efa-taona katroka izao. Nitondra ny lazan'i Madagasikara ny tenany tamin'ny taona 2019, izay nahatratrarana ny ampahefa-dalana tamin'ny fifaninanana ho tompondakan'i Afrika na ny Coupe d'Afrique des Nations (CAN). Ravo sy faly daholo ny Malagasy iray manontolo, niray fo ary toa adino vetivety ireo olana ara-politika. Tao anatin'izany fifaliana izany dia nidiran'ny politika ny eo anivon'ny Barea, nataon'ny fitondrana fitaovana entina hanatsaràna endrika sy hidedahana. Ankehitriny anefa, rehefa fantatra fa resy tamin'ny lalao fifanintsanana ho an'ny CAN 2022, dia nangingina ny fitondrana ary indro miraradraraka ny eson-teny sy ny fanomezantsiny isan-karazany. Ao anatin'izany ny vola tsy toko tsy forohina lany kanefa tsy namokatra, indrindra amin'izao fotoana fahasahiranana mangitsokitsoka ara-pahasalamana sy ara-toe-karena noho ny hafitsoky ny valanaretina covid-19 izao. Isan'izany vola izany ny fandanian'ny fanjakana vola mitentina 1.300.000.000 ariary tamin'ny lalao farany teo tany Ethiopia, izay mbola angatahan'ny Miara-manonja mangarahara, noho ny nahitàna solombavambahoaka tonga tany nandritra ny fitoampivoriany. Inona marina no nampiasana ireo vola ireo? Ho sahy hanao ny mangarahara ve ny fitondrana? Eto dia hiverina amin'ny mpanazatra Nicolas Dupuis isika mikasika ny vola ihany, fa tsy misy idiran'ny mahampanazatra nasionaly azy. Araka ny antontan-taratasy miparitaka sy eto am-pelatanana dia fifanarahana eo amin'ny Caisse Nationale de Prévoyance Sociale de Madagascar na ny Cnaps sy andriamatoa Nicolas Dupuis, izy tenany, natao ny 10 febroary, maharitra roa taona, mametraka ny andraikitry ny tsirairay, ary anoneran'ny Cnaps an'i Nicolas Dupuis vola mitentina 150.000.000 ariary isantaona aloha 50% indroa mandeha, dia ny volana Febroary sy ny volana Jolay. Ireto avy no andraikitr'i Nicolas Dupuis amin'izany: - ho ambasadaoron'ny Cnaps, - hampahalala sy hamporisika ireo mpanao fanatanjahantena matihanina hiditra ao amin'ny Cnaps, - hitady tanora manan-talenta hampiroborobo ny lalao baolina kitra, sy hamporisika an'izy ireo hiditra ao amin'ny Cnaps, - hanolotra laminasa mikasika ny asa fanatanjahantena ao amin'ny toerana filalaovana an'ny Cnaps ao Vontovorona, - hitantana toy ny ray aman-dreny ireo fitaovana ho apetraky ny Cnaps aminy, - hanao tatitra amin'ny Cnaps. Ireo izany no andraikitra handaniana vola 150 tapitrisa ariary isan-taona mandritra ny roa taona ary azo tohizina. 'Dia gaga ianao', hoy ny fiteny ankehitriny, fa hay tsy karama amin'ny maha-mpanazatra nasionaly izany, fa mbola vola ambonin'izay mety ho raisiny any ho any, toy ny maha-mpanatanteraka asa manokana ao amin'ny Ministeran'ny fanatanjahantena. Dia tsy misy ve olompirenena Malagasy afaka manatanteraka ireo andraikitra ireo? Ary raha Malagasy no teo, dia ho tambin-karama tahaka izany ve no nomena azy? Tsy mazava tahaka ity fomban'ity fitondrana ity ihany ny fitantana ao amin'ny Cnaps ao. Sao àry dia noho ny tsy fanekena hiray petsapetsa amin'ity fitondrana ity no nahatonga ny raharaha mahakasika an'i Arizaka Rabekoto Raoul? Raha jerena indray ireo andraikitra ampisahanina an'i Nicolas Dupuis sy andoavana izany vola be izany dia misy tokoa ireo olompirenena malagasy afaka manatanteraka izany eny anivon'ny fiarahamonina rehetra eny, ary tsy ilàna handaniana vola be tahaka izany, fa mba mila tosika kely avy amin'ny Cnaps. Indrisy fa na dia tsy misy àza izany dia maro ireo entanin'ny fo sy fitiavana, tsy misy takalony, tsy miandry fanampiana, miezaka manabe ny tanora sy mivohy fisainana hazoto hitaiza vatana. Ankasitrahana izy ireo ary irìna ny azahoan'izy ireo ny sehatra mendrika azy rehefa miala ity fitondrana ity.

***Ny Valosoa***